TATITRA
FAMPIOFANANA NY VEHIVAVY HILATSAKA HOFIDIANA BEN'NY TANANA NA MPANOLONTSAINA NY KAOMININA DINGANA FAHA 7-8

Firenena: Madagasikara
Koaminina: Antsahampano
Distrika : Antsiranana II
Toerana: Hotel PRESTIGE
Daty: 02-03-04 Jona 2015

FIZAHAN-TAKILA

Fanolorana ……..03

Tantara……..04

Fizotry ny Atrikasa ……..05

Fahatrarana ny tanjona……..15

Ireo fanamby ……..15

TOVANA

A – Fandaharam-potoana ……16

B – Lisitry ny mpandray anjara……18

D- Tombana……20

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina tao amin'ny kaominina ambonivohitra ny Amnbanja izay nahitana ireo kandida vehivavy ho Ben'ny Tanana sy mpanolontsaina avy aminy distrika Ambanja. Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny fampahafantarana bebe kokoa ny fampifandraisana ny Miralenta amin' ny fampandrosoana maharitra, ny andraikitra sahanin'ny Ben'ny Tanana sy mpanolontsaina ny Kaominina fa indrindra ny fananan'izy ireo ny tetik'asa mpiaraha- monina izay mirakitra ny filàn'ny mponina rehetra ao anatiny faritra ilatsahana sady anisan'ny fitaovana entina miatrika ny fampielezan-kevitra mba handresen-dahatra ny mpifidy sy hanatanterahana ny asa hatao rehefa lany mba hipetrahan'izany fampandrosoana eny ifotony izany.

Lohahevitra valo no nodinihina nandritra ny 3 andro nampiofanana ireo vehivavy kandida teto Ambanja :

- Ny miralenta sy ny fiheverana raikitapisaka
- Ny miralenta sy fitondram-panjakana
- Ny hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny miralenta
- Ny fitsinjaram- pahefana
- Ny dingana arahina hiatrehana fifidianana
- Ny tetikasam-piarahamonina
- Ny fandraisam-pitenenana manoloana ny vahoaka
- Ny seho sehatra amin'ny haino aman-jery

Maro ny mbola mampifangaro ny atao hoe miralenta sy ny fitovian'ny lahy sy ny vavy amin'ny lafiny rehetra.

Maro ireo vehivavy Kandida tonga namaly ny antso izay avy amin'ny antoko politika maro teto Ambanja sy ny tsy miankina. Porofon'izany ny fanamariham-pahatongavana ao amin'ny Tovana B

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanombika tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GNDER LINKS. Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

FIZOTRY NY ATRIKASA

Natomboka tamin'ny fifankahalalana ny mpizaika rehetra. Nanarak'izany dia niroso avy hatrany tamin'ny fampahafantarana ny ONG Gender Links ny mpampiofana Ramatoa AMINA sy Ramatoa ANDRIANTSOLY Yasmine. Nasongadina manokana tamin'izany ny fampahafantarana ny olona rehetra niatrika teto ny fitaovana ampiasain'ny Gender Links amin'ny fampiharana ny Miralenta eto Madagasikara. Tsy adino koa ny toerana iasany , ny mpamatsy vola nanatontosa ity teikasa ity sy ny tanjona tratrarina, fa indrindra ny nisafidianana manokana ny Distrika ny Ambanja amin'ny fanaovana atrikasa ny vehivavy nilatsakofidiana Ben'ny Tanana sy mpanolontsaina ny Kaominina. Namaly ka nitondra fisaorana lehibe ny Ben'ny Tanana ny Kaominina Ambonivohitra Ambanja JAOVANONA Fety tamin'ny fifidianana manokana ny Distrika ny Ambanja. Nilazaina tamin' izany koa ny lanjan'ny vehivavy amin'ny sehatra ny fampandrosoana satria niaina tao anatin'ny fitongilanana ny Kaominina nentiny nandritra ny 8 taona izay. Anakiray ihany ny vehivavy tao anatin'ny filankevitra monisipaly ka tsy nisy fotodrafitrasa vita mahakasika ny vehivavy izay maro anisa ato amin'ny Kaominina ny Ambanja. Tsongaina manokana ny rano fisotro madio. Nohony fahitàny sy fahatsapany izany fitongilanana izany dia niezaka nandresy lahatra ny vehivavy izy ho tompon-toerana ao aminy lisitra izay tarihina satria mbola nilatsaka ho fidina Ben'ny Tanana ny tenany ao amin'ny Antoko TIM. Nanindry mafy ny kabaro Ben'ny Tanana ny Lefitra ny Dsitrika ny Ambanja . Izy no vehivavy voalohany nitondra ity Distrika ny Ambanja ity. Nohamarininy fa efa tonga saina ny vehivavy satria niakatra be ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny filatsahakofidiana ho Ben'ny Tanana sy mpanolontsaina ato amin'ny Distrika ny Ambanja raha oharina tamin'ny fifidianana ny taona 2007 . Teo koa ny fijoroana vavolombelona nataony amin'ny fahitana ny fanovàna vitan'ny vehivavy rehefa manapakevitra toy ny Ben'ny Tanàna ny Antanamitarana ka nanentana mafy sy nanomezana fampitokisana hanohana ireo vehivavy nilatsaka Ben'ny Tanana sy mpanon-tsaina amin'ny amin'ny fiaraha-miasa.

Taorian'ny fanokafana ofisialy dia novelabelarina avy hatrany ireo tanjona tiana ho tratrarina amin' ity atrikasa ity izay hatao anatin'ny telo andro araka ny fandaharam-potoana izay naseho.

SARY OUVERTURE

FAMPIASANA SY FAMPIHARANA

Natomboka tamin'ny filazana ny vokatra andrasana ny mpandray anjara rehetra. Hita fa samby tia hahafantatra ny anjara andraikitra tandrify izy ny mpandray anjara. Satria maro amin'izy ny niangavian' ireo Kandida lehilahy hameno ny lisitra ihany fa tsy mahalala velively ny asa izay ho ataony. Ka nanentana mafy izy ireo ny hahazo fahalalana mahakasika izany.Tao ny tsy mahalala ny zo anan'izy ireo amin'ny fampandrosoana ny Kaominina.

LOHAHEVITRA VOALOHANY : MIRALENTA

Fohenon'izy ireo matetika ny voambolana MIRALENTA fa ny toerana ilalaovany no tsy fantatra loatra. Nisy koa ny nilaza fa ny Miralenta dia fitovianjo. Araka fanazan'ny mpizaika teo aloha tsy mitovy ny ZO, ambindraha ny vehivavy fa taty afara dia nahazo zo mitovy amin'ny lehilahy ny vehivavy porofon'izany ny filatsahan'izy Ben'ny Tanana sy mpanolotsaina. Nampahafantarina izy ireo fa nitovy hatrizay ny Vehivavy sy ny lehilahy fa saingy tsy tsapan'ny vehivavy ny ZO ananany ka lasa very zo araka izay voalaza ny mpizaika teo ambony. Nohamafisana tamin'ny fampiasana izany nijerevana ireo zavatra mampiavaka ny vavy sy lahy ary ny andraikitra tokony sahanin'izy roa tonta.

Mafy dia mafy ny ady hevitra teo amin'ny andraikitra sahanin'ny vehivavy izay nahazatra izy ireo toy " ny fikarakarana tokatrano: nolzaininy fa vehivavy no firavaka ny tokatra nefa nanontaniana izy koa fa raha marary ny vadiny iza no hikarakara ny asa? Izy ireo ihany no namely fa ny lehilahy. Koa teo nanazavana fa ny asa vitan'ny vehivavy dia vitan'ny lehilahy koa fa ny zavatra voajanahanry no tsy itovizana toy ny: filahiana, fivaviana, fampinonoana, ny fandimbolana, fampanirina volom-bava ary vaky feo ihany no mampiavaka ny lahy sy ny vavy.

Ireo tsy faheresendahatra amin'ny andraikitra na asa atao io no nidirana tamin'ny lohahevitra faharo dia ny Raikitapisaka.

FIHEVERANA RAIKITAPISAKA

Mivelona amin'ny fambolena sy fanjonoana ny mponina ato amin'ny Distrika ny Ambanja ka mbola mimbanjina ny fanavahana ny andraikitra napetraka sahanin'ny lahy sy vavy.

Nampijerana Hira , voambolana, fomba fiteny , fomba amam-panao , izay miteny ny sakana mahatonga ny vehivavy tsy mandray anjara hatrizay nohony fametraha ny vehivavy ho firavaka ny tokatrano voalaza teo. fampiasana isan-tarika no nandalinana izany.

TARIKA 1: Nijery ireo hira mampisongadina ny lehilahy:

Agnabo lehilahy agnabo fombany (Din Rotsaka : lehilahy ihany no mety ambony fa ny vehivavy dia tsy mety)
Solde 10 000 Ariary (Martin : nijotso prix mbahiavy)
Amboara prix (Chila)
Nanjary nagnano aody lahy (JB : ny vehivavy ihany no manao aody lehilahy mba hitiavina fa ny lehilahy tsy maintsy hitiavina)
Mampirafy Donia (Fandrama : ny lehilahy no mety mapirafy fa ny vehivavy dia tsy
Anao mialà araiky nazonao igny tsy izy (Thierry Libertos)
VAHAOLANA naroso: Fanentanana ireo mpamoronkira sy mpihira mba hanoratra sy hamoaka hira mampitovy ny zo ananan'ny vavy sy lahy izay hialàna amin'ny fiheverana raikitapisaka. Raha dinihina mantsy ny fanentana amin'ny hira no tena mandaitra satria ny olona rehetra dia manaraka sy mihaino la mozika.

TARIKA 2: Nijery ny ohabolana – saimbolana – fomba fiteny.

Ohabolana

Akoho vavy tsy maneno
Arombozon' akoho ny vehivavy : raha mitady nofony manary azy nefa raha mila tsirony kosa mandray azy. Ohatra izany ny vehivavy
Antibavy manara-bady niala havampoana (efa antitra nanara bady nefa tsisy raisina rehefa tonga hany)

Saimbolana

Kitay telo an-dalana ny vehivavy
Taretry magnaraka fanjaitry ny viavy

Fomba fiteny

Fanaka malemy
Viavy tsy miloha fivolagnana
Zanaka ny vavy no tsy tegna zanaka
Zanaka ny vavy tsy mahery
VAHAOLANA :Tokony hampitoviana ny lahy sy vavy. Ohatra amin'ny " Akoho vavy tsy maneno nefa magnakaka" . Ny akoho magnakaka dia tia hanatody ka hampitombo ny taranaka izay hampiroborobo ny fitadiavam-bola raha amin'ny fiharian-karena no jerena.

TARIKA 3: Fomba fanao – fombandrazana
Ny lehilahy no mihina tsotsikoy
Lehilahy no mamono aomby
Lehilahy no mijoro
Lehilahy no mihina aloha
Ny lehilahy no mangata- bady
VAHAOLANA: Arak any narosony mpandray anjara tsy sakana amin'ny ady amin'ny miralenta ireo fomba fanao sy fomban-drazana hita teo satria tsy misy sakana amin'ny fampandrosoana ka ny fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ihany no tena liana vahaolana sy fanentanana.

LOHAHEVITRA FAHAROA : NY MIRALENTA SY FITONDRAM- PANJAKANA

Maro ny karazana olana hita mahatonga ny vehivavy tsy mahasahy miditra amin'ny fampandrosoana na dia eo azany tsy famelany lehilahy n any fomba fiheverana raikitapisaka dia mahatsapa ny vehivavy fa izy ireo ihany koa no tompony sakana amin'ny tsy fandraisana andraikitra indrindra ny fampandrosoana ny Kaominina. Asan-tarika no nentina nandalina ny sakana mahatonga ny vehivavy tsy mampandroso.
Tarika 1 : NY FIDIRANA (sakana sy vahaolana)

- Fomba amam-panao
- Vady
- Tsy fahalalana

- Henatra
- Fanavakavahana
- Tsy fananana fitaovana na entimanana

Vahaolana:

- Mila mandavatena
- Mila sahy
- Mila mahay madresy lahatra
- Tsy maiky lembenana
- Mila fiofanana



TARIKA 2: FANDRAISANA ANJARA (Sakana sy vahaolana)

- Henamaso
- Tsy fahazarana
- Tsy fahampiany vehivavy tafiditra

Vahaolana

- Formation ny vehivavy
- Fandraisana anjara
- Fanentanana ny lehilahy amin'ny alalan'ny Radio, tele, sns
- Mila manao plaidoyer



TARIKA 3 : FANOVANA

- Tsy fandraisana anjara mavitriky hisian'ny fanovana. Ohatra: sosialy- politika-toekarena
- Hegnamaso
- Tsy avela ny vady

Vahaolana

- Fasahian'ny vehivavy miditra an-tsehatra amin'ny ambaratonga isantsokajiny no mampisy fanovana
- Mila fampiofana matetika
- Mila mizatra miala amin'ny kobaka am-bava na radio trotoire
- Tokony manaraka vaovao amin'ny radio , tele mba hialana amin'ny Radio trotoire

Ny fiovan'ny toetsaina no tena zavatra ilaina amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy. Satria ny toetsaintsika no mahatonga ny sakana rehetra hita nandritra ny fandravonana ny asan-tarika.

LOHAHEVITRA HEVITRA FAHATELO HEVITRA SY TETIKA HAHATONGAVANA AMIN'NY MIRALENTA

Tamin'ny alalan'ny fampiasana ny nitondrana ity lohahevitra ity.

Koa nifantarina teto ireo fomba hamaliana ny filàn'ny vondron'olona tsirairay arakaraka ny sokajiny sy ny tranga izay miseho amin'ny fiainan'ny vehivavy . Teo no nampisongadinana ny atao hoe :

-Filàna fototra andavanandro izay mifandraika amin'ny filàna amin'ny fiainana an-davan'andro toy ny sakafo , trano,fidiram-bola, fahasalamana, fikarakarana ankizy ,fampianarana sy izay rehetra nankinin'ny fiarahamonina amin'ireo vehivavy ;

- Filàna maharitra mila paikady izay manova ny anjara toerana niheveran'ny fiaraha-monina .

Raha ny trangan-javatra niseho teto no jerena, ny filàna fototra andavanandro dia fanomezana ity ramatoa ity ny sakafo sy vola notadiaviny androany.

Ny filàna maharitra mila paikady indray no jerena dia ny fanomezana azy fiofanana mba hampaharitra sy hampiroborobo ny asa izay ataony.

LOHAHEVITRA FAHAEFATRA : NY FITSINJARAM-PAHEFANA

Nojerena tamin'ity lohahevitra inona ny atao hoe fitsinjaram-pahefana

Ny fitsinjaram-pahefana dia famindrana ireo fahefana manapa-kevitra ananan'ny fanjakana foibe amin'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana sy pôlitika hahafahana mampanjaka ny

demôkrasia mba hahafahan'ny olom-pirenena eny ifotony mandray fanapahan-kevitra entina hintantanana sy hampandrosoana ny faritra misy azy.
Ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana dia omen'ny fanjakana foibe fizankan-tena ara - pintantanana sy ara-bola ka anisan'izany ny Kaominina.

Andraikitra ny Ben'ny Tanana:

- Manatanteraka ny filan'ny mponina
- Miantoka ny fampandehanan-draharaha sy fampandrosoana ny kaominina
- Anjara raharaha voafaritry ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitry ny Filankevitra
- Anjara raharaha amin'ny famindram-pahefana omen'ny Filankevitra
- Anjara raharaha voafaritry ny fahefana manokana natolotra ny Ben'ny Tanàna.
- Anjara raharaha eo ambany fanaraha-mason'ny Filankevitra sy fanaraha-maso ny fitondran-draharaha ataon'ny solotenam-panjakana manana andraikitra eo amin'ny fari-piadidiany.
- Tompon'andraikitry ny filazam-piankohonana.
- Lehiben'ny fitantanan-draharahan'ny Kaominina
- Tompon-andraikitra eo amin'ny toe-karena sy vola

Eo amin'ny lafin'ny Teknika toy ny:

- Miantoka ny fiaraha-miasa amin'ny solontenam-mpanjakana sy ny sampandraharam-panjakana
- Tompon'andraikitra amin'ny fanajariana ny velaran-tany, fanajariana sy fintantanana ny velaran-tany, ny voaria sy ny asa fanadiovana
- Miantoka ny fiarovana ny tontolo iainana sy ady amin'ny doro tanety.
- Miantoka ny fiaraha-miasa amin'ny solontenam-mpanjakana sy ny sampandraharam-panjakana
- Tompon'andraikitra amin'ny fanajariana ny velaran-tany, fanajariana sy fintantanana ny velaran-tany, ny voaria sy ny asa fanadiovana
- Miantoka ny fiarovana ny tontolo iainana sy ady amin'ny doro tanety.

Eo amin'ny lafin'ny Fampandrosoana :

- Manomana ireo tetikasan'ny fampandrosoana
- Mandrindra ireo asa mahasahana ny fampandosoana
- Misolo tena ny kaominina amin'ny fifampiraharana amin'ny mpiara-miombon'antoka
- Tompon'andraikitra voalohany amin'ny fahatomombanan-draharaha eo amin'ny kaominina

Andraikitra ny mpanolon-tsaina:

- Mivory indroa isan-taona ny mpanolontsaina:

Fotoam-pivoriana voalohany ao anatin'ny telo volana voalohan'ny taona:

- Fandinihana ny kaontim-pintantanana ny taom-piasana teo aloha sy ny teti-bola fanampiny
- Fandaminina ny prôgraman'asa
- Tatitry ny fampandehan-draharahan'ny kaominina
- Tatitry ny fanantaterahana ny fanampahan-kevitra nankatoavina.
- Fotoam-pivoriana faharoa: manomboka ny volana Aogositra:
- Handinihana ny teti-bolam-panombohana amin'ny taona manaraka.
- Hafaka mivory tsy ara-potoana kosa ny mpanolontsaina raha misy ny lilana azy ireo izay tsy mihoatra ny 3 andro.
- Manao fandaniana amin'ny tetibola rehetra ireo
- Manapaka ireo saran'ny fampidiram- bola rehetra ato amin'ny kaominina
- Mandamina raha misy fanolanana
- Manaramaso ny tetikasa rehetra mandeha amin'ny Kaominina
- Manoro hevitra ny Ben'ny Tanana
- Mangataka fanazavana amin'ny Ben'ny Tanana raha misy tsy mazava

LOHAHEVITRA FAHADIMY : NY DINGANA ARAHINA AMIN'NY FIFIDIANA

Araka ny voalaza ny mpandray anjara dia tsy natakona hoan'ny vehivavy ny filatsahakofidiana fa lehilahy ihany no tompontoerana amin'izany rah any fomba fisainana teo aloha fa nohony fanentanana heno amin'ny haino aman-jery matetika momba ny miralenta dia nahafantapatatra ihany izy ireo.

Nazavaina teto ny tanjona ity lohahevitra ity dia ny fitovian'ny zon'olona rehetra.

Tao koa ny fampahafantarana ny karazan' olona tokony hofidiana mba tsy hanadiso lanja ny safidy fa indrindra ny fiomanana rehetra tokony hatao alohany, mandritra ary aorian'ny fifidianana.

DINGANA 1: ALOHAN'NY FIFIDIANANA: ny tokony hatao ny mpilatsaka hofidiana

- Ny misoratra anarana anatin'ny lisipifidianana
- Manamarina ny lisitra sy mijery koa ny namana rehetra ao anatin'ny lisitra
- Mamantatra ny mpifaninanana (ny hatajahany sy halemeny)
- Mamantatra ireo lalàna rehetra mahakasika ny fifidianana
- Mamantatra ny filàn'ny mponina rehetra isaka ny Fokontany misy
- Manomana ny tetikasam-piarahamonina
- Manomana ny ekipa sy fitaovana ilaina amin'ny fifidianana
- Manao fampielazan-kevitra
- Manao tombana ny fampielazan-kevitra isan'andro mba hentina manarina ny hampintso

DINGANA 2: ANDRON'NY FIFIDIANANA

- Manefa ny adidy amin'ny fifidianana
- Manaramaso ny fizotra ny fifidianana
- Manaramaso ny fanisam-bato

DINGANA 3: AORIAN'NY FIFIDIANANA

- Manome fisaorana ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fifidianana
- Manantanteraka ny tetikasam-piarahamonina izay hitondra fanovana amin'ny fampandrosoana
- Manarina ny tsy mety natao sady miomana amin'ny dingana manaraka

Nampahafantarina ny mpandray anjara koa ireo daty tokony ho tadidina :

Manomboka 16 jolay amin'ny 06 ora maraina ka mifarana ny 30 Jolay amin'ny 06 ora maraina ny fampielezan-kevitra.

Alohan'ny 27 Jolay dia tokony efa ananana ny fanomezan-dalana hanao fampielezan-kevitra satria aorian'ny daty io dia tsy misy faomezan-dalana omeny tomponandraikitra mahefa.

Tsy maintsy voaray koa ny Bagde ny kandida rehetra ny 16 Jolay
Mifarana amin'ny 11 jolay ny fangatahana ny badge
Ary nisy ny fizarana tamin'ireo mpandray anjara ireo fehindalana mikasika ny fifidiana

LOHAHEVITRA FAHAENINA: NY FANAOVANA TETIKASAM-PIARAHAMONINA

Fametrahana fanontaniana tamin'ny Kandida ny Ben'ny Tanana 3 ny nahatonga azy ireo nilatsakofidiana. Nilazan'izy ireo fa nohony izy ireo zanaka ny kaominina misy azy sy fangatahan'ny olona maromaro tao an-tanana no nahatonga azy ireo nilatsaka. Tao koa ny faniriana ny hampandroso ny faritra misy azy nohony ny tsy fandosoan' ny kaominina ka maniry izy ireo hitondra anjara birika amin'ny famapandrosoana.
Hita fa manana faniriana hampamdrosoa izy satria mahafantatra ny olana misy ao an-toerana fa sainy kosa mbola tsy manana tetikasa mamaly izany filana izany.
Eo koa ny fitonilanana amin'ny toerana hampamdrosoana. Koa nazavaina amizay nu tokony hananan'ny kandida rehetra ny tetikasam-piarahomina. Arafitra antsoratra fa tsy atao kobaka am-bava toy ny teo aloha.
Nohazavaina koa ny mahazava- dehibe ny fanaovana tetikasam-pirahamonina. Raha ny anarany no voizina dia tetika nivoaka tao amin'ny fiarahamonina ka mamaly ny filany mponina.
Misy dingana arahina amin'ny famolavolavana izany toy ny fahafantarana ny Olana sy fametrahana ny tanjona izay entina hamoahana ny tetikasa.



Ho fampiarina ny fanaovana tetikasam-piarahamonina natao teto dia nanao fampiharana taminy alalan'ny asa tarika ny fandrafitana izany. Tarika ahitana ireo Kandida ny Ben'ny Tanana mba hanamora ny fandrafetan'izy ireo ny tetikasany amin'ny kaominina misy azy avy

SARY TETIKASAM- PIARAHAMONINA

LOHAHEVITRA FAHAFITO: FANDRAISAM- PITENENANA MANOLOANA NY VAHOAKA

Koa satria fampielezan-kevitra ny fotoana lehibe hiatrehan'ireto kandida ireto ny vahoaka hamakiana bantsilana ny tetikasam-piarahamonina izay entina handresy lahatra ny mpifidy azy ireo dia nampianarina azy ireo ny fandraisam-pitenenana hiatrehany ny vahoaka :

Tanjona

- Mahafantatra ny hafatra tiana ho ampitaina amin'ny ny vahoaka mpifidy
- Mahafehy ny fisedrana sy ny fandraisana fitenenana manoloana ny vahoaka
- Tafita ny hafatra , ny vinavinam-piaraha-monina ary resy lahatra ny mpihaino

Tsara ho fantatra

- Fampahafantarana ny olona ny tetikasam-piaraha-monina
- Fahaizanao maneho sahady sy misarika ny olona fa voafehinao ny asa sahanin'ny kaominina
- Filazana ny olana sedrain'ny mponina sy ny fiantrikan'izany eo amin'ny fianany andavanandro

- Asehoy mazava ny fehezan-kevitra maharesy lahatra ny olona ahafahana manohana ny hevitrao
- Tolory ny vaha-olana ary asehoy fa tombony ho an'ny mpiara-monina ny fitondrana io vaha –olana io

Rafitry ny lahateny: fampidirana - votoatiny - famaranana

Fampidirana

- Savaranonando sari-teny
- Fisaorana – fiarahabana
- Lahateny hisarihana ny mpihaino
- Fampahafantarna ny kandida sy ny ekipa mpiara-dia

Votoatiny

- Asongadino ny zava-misy , aza misalasala milaza ny olana , olana hifampizarana , asehoy fa miaina amin-izany ianao
- Manomeza ohatra ary ampiaraho amin'ny salanisa
- Omeo avy hatrany ny fanazavana mandresy lahatra mba hanohanana ny hevitrao,
- Ny fanazavana dia misy porofo ary ampahafataro fa ny olana dia misy fiantraikany amin'ny fiainana andavanandro
- Omeo ny vaha-olana : asongadino ny tetikasam-piaraha-monina , ampahafataro avy hatrany fa misy tombony ho an'ny vahoaka ny fanantanterahana azy
- Asongadino fa voafehinao ny tetikasa izay asehonao ary asehoy fa ny politikan'ny fampandraisana anjara ny rehetra no zava-dehibe entina hananatanterahana azy

Famaranana

Ny famaranana dia mbola entina hamelabelarana ny vina ka tonga amin'ny fitenenana "farany vao misy ventiny"

- Asehoy fa ny vaha-olana aroso dia mifamatotra tanteraka amin'ny vina, aza adino ny fisaorana
- Fintino ny laha-teny fandresen-dahatra
- Eo amin'ny lahateny famaranana
- Aza adino ny mametraka fa ny fiaraha-miasa amin'ny rehetra no zava-dehibe
- Ny fampandraisana anjara ny olona dia mianga sahady amin'ny fandatsahany ny vato sy fandaniana ny kandida ho olom-boafidy
- Farano ny lahateny ary aza adino ny fanentanana, ny famporisihana ny olona hifidy anao
- Avereno matetika ny hafatra politika sy ny slogan
- Ampafahataro ny mpifidy ny sary famantarana anao

Aza atao ny manaratsy ny mpifaninana aminao , na eo anoloan'ny vahoaka , na manoloana ny haino aman-jery , mahaiza maka ny fon'ny mpifidy amin'ny alalan'ny teny sy fihetsika mahasarika azy

FAHATRATRANA NY TANJONA

Niampy ny fahalalana azon'ny mpandray anjara momba ny Miralenta sy fiatrehana fifidianana Ben'ny Tanana sy Mpanolontsaina;
Nandray anjara mavitrika izy ireo tamin'ny fanaovana tetikasam-piaraha monina
Manana ny fahavononana handray anjara amin'ny fifidianana izy ireo mba hanatratrarana ny tanjona 50/50 2015

IREO FANAMBY

Fandresen-dahatra eo amin'ny fampiharana ny miralenta sy ny fandaniana ny vehivavy
Fandraisan' anjaran'ny vehivavy amin'ny fampandrosoana anivon'ny Kaominina rehefa lany
Fanentanana amin'ny haino aman-jery amin'ny fifidianana vehivavy

FANAMAFISANA NY FAHAIZA MANAO NY VEHIVAVY NILATSOKOFIDINA BEN'NY TANANA SY MPANOLONTSAINA NY KAOMININA
FARITRA DIANA
02-03-04 Jona 2015
Toerana : Hotel PRESTIGE

Ora	Lohahevitra	Tompon' andraikitra	Fitaovana
Mardi 02 Jona 2015			
08:30-09:00	Fandraisana ny mpandray anjara		
09:00-10:00	**FANOKAFANA FOMBA OFISIALY** - Fampahafantarana ny GL - Fanokafana - Interview	AMINA SOLONTENAM-PANJAKANA YASMINE	Protocole de la SADC sur le genre et developpement
10:00-10:30	**PAUSE CAFE**		
10 :30-12 :30	**MIRALENTA SY RAIKITAPISAKA** Asan-tarika tarika 3 Fandravonana	YASMINE	Cartonnette Power Point
12:30- 14:00	**SAKAFO**		
14:00–16 :00	**MIRALENTA SY FITONDRAM-PANJAKANA** Fidirana Fandraisana anjara Fanovana Asan-tarika : 3 groupes Fandravonana	AMINA	Power point
16 :00-16 :30	HEVITRA SY TETIKA HATONGAVANA AMIN'NY MIRALENTA	AMINA	
Mercredi 03 Juin 2015			
08:00-8:30	Famerenana andro 1	Mpandray anjara rehetra	
08:30-10:30	**DINGANA ARAHINA HIATREHANA NY FIFIDIANANA** Tanjona Fanomanana mialoha Fanomanana mandritra Fanomanana aoriana	YASMINE	Power point

Ora	Lohahevitra	Tompon' andraikitra	Fitaovana
10:30-10:45	**PAUSE CAFÉ**		
10 :45-12 :30	**DINGANA ARAHINA HIATREHANA NY FIFIDIANANA** Lalana mahakasika ny fifidianana Kaomimaly	YASMINE	Power point
12:30- 14:00	**DEJEUNER**		
14:00-15:30	**FITSINJARAM-PAHEFANA** Andraikitra ny Ben'ny Tanana sy mpanolontsaina	YASMINE - AMINA	Power point
15:30-16:30	**SERASERA** Fandraisam-pitenenana manoloana ny vahoaka	AMINA	Power point
Jeudi 03 Juin 2015			
08:30-08:45	Famerenana ny andro 2	Mpandray anjara rehetra	
08:45-09:45	**TETIKASAM-PIARAHAMONINA** Tanjona Fandrafetana ny tetikasam-piarahamonina Asan-tarika : 3 groupes Fandravonana	YASMINE	Power point
12:30- 14:00	**sakafo**		
14:00–16 :00	Fiatrehana mpanao gazety	Participants + journalistes	
16 :00-16 :30	Famaranana		

Stage: 7-8
Kaominina: Antsahampano
Toerana: Hotel LA PRESTIGE
Date 02- 03-04 Juin 2015

Ce projet est Financé par l'Union Européenne

FANAMARIHAM-PAHATONGAVANA

N°	ANARANA SY FANAMPINY	KANDIDA	ANTOKO POLITIKA	KAOMININA	TELEFONINA/ MAIL
01	VOLASIRY	Conseillere	AREMA	Ankatafa	
02	ZARATINY Dalia	Conseillere	HVM	Benavony	
03	NAZIA Marisoa	Conseillere	MTS	Antsasaka	032 29 927 48
04	MARTINE	Conseillere	HVM	Bemaneviky	
05	ELIANE Soatiana	Conseillere	MMM	Antsatsaka	
06	SOARIZIKY	MAIRE	HVM	Ambohimena	032 02 834 51
07	VOLAZARA Veronique	Conseillere	HVM	Antsakoamanondro	032 73 605 94
08	MARTHE Vola	Conseillere	HVM	Antsatsaka	
09	MARIE Jeanne	Conseillere	Independant	Ambanja	032 42 524 43
10	RAHAMATA	Conseillere	HVM	Djangoa	032 49 981 68
11	RAZAFIARIMANANA Malala Joelle	Conseillere	TIM	Antsakoamanondro	032 52 133 42
12	MARIZAFY	Conseillere	TIM	Antsakoamanondro	032 48 606 84
13	RANDRIANJAKA Michelle Claudia	Conseillere	HVM	Ambanja	032 81 196 74
14	SOAMAHARO Felicite	Conseillere	HVM	Ambanja	032 11 063 45 032 41 495 44
15	CHAMOUCHIA Abdilllah	Conseillere	Independant	Ambanja	032 05 630 87
16	ZAFIJAINA Juliene	Conseillere	TIM	Ambanja	032 40 843 00
17	ABDALLAH Adelaide	Mandateur	HVM	Ambanja	032 42 092 91 Adelaide203@hotmail.fr
18	ROSETTE	Conseillere	TIM	Ambanja	032 41 338 36
19	AURIGELE Marie Natacha Bevahiny	Conseillere	TIM	Ambanja	032 43 882 62
20	CELESTINE Soajoma	Conseillere	TIM	Marotaolana	034 95 584 90
21	SAIDAT Samsy Zafitsimihalo	Conseillere	Independant	Ambanja	032 50 723 99
22	MBOTY Horline Mboiny	Conseillere	HVM	Ambanja	032 11 072 24
23	RAVAOHARIMANDA Fanja	Conseillere	HVM	Antranokarany	032 55 498 15
24	SOANORO Iabo	Conseillere	TIM	Antsakoamanondro	032 77 753 90

25	HAMBAHELY Lydia Adele	Conseillere	TIM	Antsatsaka	032 68 707 55
26	VICTORINE Soariziky	Conseillere	HVM	Ambohimena	034 39 547 01
27	ODILE Djaovizara	Conseillere	HVM	Ambohimena	032 44 176 11
28	LEONCINE	Conseillere	Parti vert	Ankigameloko	032 11 073 21
29	SAKINA	Conseillere	MMM	Antranokarany	
30	MONIQUE	Maire	HVM	Djangoa	032 02 414 08
31	CLAUDINE Henriette	Conseillere	HVM	Antsahabe	
32	SOAMINA Angela	Conseillere	Independant	Ambanja	032 46 644 12
33	TAMBOHO Clarisse	MAIRE	Independant	Ambodimanga Ramena	032 52 950 97
34	FELICIA Volanirina Chams Dini	Conseillere	HVM	Ambanja	032 40 794 14
35	SOAZANDRY	Maire	HVM	Maherivaratra	032 29 880 76
36	ZARAFENO Suzette	Conseillere	MTS	Maevatanana	
37	SOAHINDY Anne Marie	Conseillere	MTS	Ankingameloko	
38	ZARAMISY	Conseillere	TIM	Maevatanana	
39	ELIANNE Tosy	Conseillere	Independant	Ambanja	
40	HOROLINY	Conseillere	Independant	Ambanja	
41	HARIMINA Gorgette	Journaliste	Radio Rurale	Ambanja	032 55 473 75
42	KINIS Bezandry	Journaliste	TVM	Ambanja	032 11 063 73

Lahy	1	02’40%
Vavy	41	97,60%
Totaly	42	100%

Tovana D: TOMBANA

Lahy/Vavy	Lahy 0 Vavy 41					
Firenena	Madagasikara					
Kaominina	Ambanja					
Taona	12 - 17	18 -30 : 3	31- 40 : 15	41 – 50 : 14	51 – 60: 9	60 +
Fianarana	Ambaratonga voalohany : 10	Ambaratonga faharoa: 26	Oniversite: 3	Fanofanana ara-kasa 2	Fampianarana olon-dehibe	

Tombana:

	Naoty /10
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	8,30
2. Ny votoatin'ny fandaharana	8,50
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	8,50
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	9,65
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	8,60
6. Vokatra azo	8,92
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	8,35
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	8,80
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	9,05
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	9,20

Fanamarihana

Inona tamin'ny fandaharana no tena nahaliana anao? Antony?

- Ny Miralenta satria nahafatantra fa mitovy ihany ny zo ananan'ny lahy sy vavy amin'ny fampandrosoana
- Ny miralenta sy fitondram-panjakana satria nahafantatra fa maro ny sakana hita amin'ny fazahoany vehivavy miditra aminy fampandrosoana ny Kaominina
- Fandraisana fitenenana manoloana ny vahoaka satria hanampy sy hanala tahotra aminy fiatrehana mpanao gazety
- Projet de societe maro ny zavatra tsy fantatra teo aloha ka fantatra nandritra ity fiofanana ity indrindra aminy fanaovana propaganda

Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina? Antony?

- Nilaina daholo izy rehetra

Ahoana ny fomba ampiharanao ireo fahalalana azonao teto amin'ny fiofanana?

- Ampiarina eny amin,ny fiaraha-monina misy
- Amin, ny fanaovana propagandy
- Ampianarina ny kandida tohanana
- Amin'ny fanentana ny fikambanam-behivavy misy izahay
- Amin'ny tokatrano
- Mila manao pratique mba entina hizarana ny traik'efa azo mba tsy hadino;

Fanamarihana hafa ?

- Tokony hisy fiofanana matetika mba hafahana mandresy lahatra sy mampianatra ny namana izay tsy nahazo fiofanana teto

- Tsy ampy ny fotoana niofanana teto satria mbola maro ny zavatra tiana ho fantatra
- Misaotra ny mpampiofana sy ny mpikarakara ny Miralenta fa nahazo lesona hampiharina amin'ny hafa ny mpiofana sady afa- po